**« Un conseil d'anciens qui ressemble à un couteau suisse »**

- Ny fanan' ny olona iray talenta sy fanomezam-pahasoavana maro dia zava -dehibe eo amin'ny fampandrosoana ny asan'Andriamanitra ka tokony ampiasaina sy kolokoloina izany.
- zava-dehibe ny fahasamihafana eo amin'ny samy Tompon'andraikitra nefa ny tanjona dia iray ihany, ka tsy misy tokony hatao ambanin-javatra.

Mila mifampizara traikefa ny tompon'andraikitra tsirairay avy, satria samy manana ny talentany sy ny fanomezam-pahasoavana ananany avy, ary ilaina ny fifanakalozan-kevitra mba hampandroso ny asa.
Samy manana ny anjara asany manokana avy na « utilité »-ny tsirairay, nefa izay no hahazoana ny tanjona iray dia ny fampandrosoana ny asan'Andriamanitra ,
hitantsika izany ao amin'ny I kor 12-5 »Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, nefa ny Tompo dia iray ihany. »
Ny Fanomezam-pahasoavana dia fanomezana avy @ Fanahy Masina natao hanaovana ny asan'Andriamanitra sy @ anaran'ny fiangonana.
Asan'ny Fanahy iray ihany ireny fa zarazarain'ny fanompoana samihafa fotsiny, araka ny hita ao amin'ny I KOR 12,11 « Ireo rehetra ireo dia asan 'ny fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra avy araka ny sitrapony »

Samy manana ny anjara asany sy ny toerany avy tsirairay , eny fa na ireo izay heverina ho kely indrindra aza dia tena zava dehibe eo amin'ny firaisana ho fampandrosoana ny asa,

Tokony hahay haka fotoana izany isika tompon'andraikitra, handinika sy hahafantatra bebe kokoa ny toetra sy fiainan'ny tsirairay,
Ny fifankafantarana ny talenta sy kilema no hahaiza mifampizara ny asa ary hahay handray na ny bitika sy kely indrindra aza ho fampandrosoana,

ny asa aman-draharaha izay ataon'ny tsirairay any ivelany koa dia misy fahalalana sy fahaizana afaka entina ampiasaina , hahamora ary hampandrosoana ny asam-piangonana,

Tsy mora ny manatanteraka ny asa fanompoana fa misy hatrany ireo olana, sakana, fitsapana, tsy fitoviankevitra, noho ny fahasamihafana, fa tsy tokony ho kivy sy ketraka na ampiferotraina, mila manana fandeferana satria samy manana ny fomba fiasany avy ny tsirairay, izay ilay “fahasamihafana” mila mivavaka, mifampivavaka, sy mahatoky ny fitondran’Andriamanitra mba hananana fifaliana hatrany amin’ny fiaraha-miasa ary indrindra hahafeno ary hiara-hiasa hikatasaka ny sitrapon’Andriamanitra.

1 Petera 4,10 « Samia mifanompo araka ny fanomezam-pahasoavana izay noraisinareo, dia tahaka ny mpitandrina tsara ny fahasoavana maro samy hafa izay an'Andriamanitra. »
Jaona 15,16 “Tsy ianareo no nifidy ahy fa Izaho no nifidy anareo mba handeha sy hamoha ary mba haharetan’ny vokatrareo, mba omen’ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin’ny anarako na inona na inona.”

Tsy tokony hanana ahiahy isika amin’ny fandrosoana bebe kokoa amin’ny asan’i Tompo.

Misy izay ho tandrify ny tsirairay avy eo @ fiangonana, koa mazotoa mampiasa izany fa aza malaina.

« Ary na inona na inona ataonareo, dia ataovy amin’ ny fo, tahaka ny ho an’ ny Tompo, fa tsy ho an’ olona, satria fantatrareo fa ny Tompo no handraisanareo ny lova ho valiny; fa manompo an’ i Kristy Tompo ianareo. » Kolosiana 3,23-24